

9 MAY 2010.

25 Iyar 5770.

Vavaka sy fifadian-kanina.

«Tsy izao va no fifadiana izay ankasitrahako: Dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin'ny zioga, sy handefa ny ampahorina ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra? Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an'ny noana va, sy ny hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao mitanjaka, ka tsy hihirim-belona amin'ny namanao ianao?... Ary amin'izany dia hiantso ianao, ary Jehovah hamaly; Eny, hanandratra ny feonao ianao, ary Izy hanao hoe: Inty Aho. Raha esorinao tsy ho eo aminao ny zioga sy ny fanondroan'ny fanondro sy ny fitenenan-dratsy, Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory ianao, dia hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavanao, ary ny aizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovonana; Ary Jehovah hitari-dalana anao mandrakariva sady hahavoky ny fanahinao ao amin'ny tany karankaina aza sy hampahatanjaka ny taolanao » (Isaia 58 : 6, 7, 9 - 11).

Ny vavaka sy ny fifadian-kanina dia tsy misy dikany raha mbola lavitra an'Andriamanitra ny fo ary tohizana foana ny lâlana ratsy aleha.

Irin'Andriamanitra raha ampitiavana feno no hanatanterahan-tsika ny asa fanompoantsika azy. Aoka ny tsirairay handinika ny antony manosika azy ka hitondra ambavaka an'izany. Manome teny fikasàna antsika Andriamanitra kanefa tsy ho tanteraka mihitsy izany raha tsy tandremana antsipiriany ny teniny. « *Ezaho ny fiantsonao, fa aza atao malemy hoy ihany ny mpaminany Isaia; asandrato ny feonao ho tahaka ny an'ny anjomara, ka ambarao amin'ny oloko ny fahadisoany ary amin'ny taranak'i Jakoba ny fahotany nefa Izaho mbola tadiaviny ihany isan'andro isan'andro, ary ny hahalala ny lalako no sitrany. Tahaka ny firenena efa nanao ny marina ka tsy nahafoy ny fitsipik'Andriamaniny no fanontaniny amiko ny fitsipiky ny fahamarinana, sy haniriany ny hihavian Andriamanitra. Nahoana izahay no mifady, hoy izy, nefa tsy hitanao ? Ary nahoana izahay no mampahory ny tenanay, nefa tsy ahoanao? Indro fa amin'ny andro fifadianareo aza dia mbola ny tianareo* ihany no ataonareo, ary ny mpiasa rehetra ao aminareo dia ampahorinareo**»

(adininy 1-3)

Olona manome lanja ambony ny raharaha momba an'Andriamanitra no lazaina eto. Mazoto mandeha mivavaka izy ary mahita tsirony amin'ny raharaha-piangonana. Kanjo manontany tena izy fa misy banga ny fiainany satria tsy mivaly ny vavaka ataony. Tsy mampihontsona ny lanitra akory ny hafanàm-pony na dia manontany ampahatsorana ny Tompo aza izy ny anton'izany. Andriamanitra akory tsy manao tsinontsinona ary tsy Azy mihitsy ny fahadisoana. Na dia milaza azy ho mpivavaka aza izy dia tsy mitondra voa ho an'ny voninahitr'Andriamanitra ary ny asany dia tsy araka ny tokony ho izy. Tsy manatanteraka adidy tsotra izao izy ka raha tsy ataony izany dia tsy mitondra ho any amin'ny voninahitr'Andriamanitra ny famaliana ny vavaka ataony.

Mbola mahatazona mandrakariva ny teny fikasàny ny Tompo ary ny asa izay nankininy tamin'ny mpanompony dia ho tanterahiny amin'ny alalan'izy ireo. Ny zavatra rehetra nampanantenainy dia ho tanterahiny ho an'ireo rehetra mampifanaraka ny fiainany amin'ny Teniny. Saingy ireo teny fikasàna lehibe sy sarobidy ireo dia tsy ho tanteraka ho an'ireo izay tsy mankatò Azy

Ellen G. White Témoignages pour l'église vol. 1 p 239 - 242

